**PERIKOPA ALAHADY 15 Desambra 2024 – Advento III**
**(Péricope du Dimanche 15 Décembre 2024 – Avent III)**

**Isaia / Esaïe 12**
**Zefania / Sophonie 3 : 14 - 18**
**Filipiana / Philippiens 4 : 4 - 7**
**Lioka / Luc 3 : 10 - 18**

**« Aza manahy na amin'ny inona na amin'ny inona fa aoka ny fivavahana sy ny fifonana mbamin'ny fisaorana no hoentinareo manambara ny fangatahanareo amin'Andriamanitra amin'ny zavatra rehetra. »**
**Filipiana 4.6**
*« Ne vous inquiétez de rien, mais en toute chose faites connaître vos besoins à Dieu par des prières et des supplications, dans une attitude de reconnaissance. »*
**Philippiens 4.6**

## Isaia 12 (MRV)

1 Ary hiteny ianao amin'izany andro izany hoe: Hidera Anao aho TOMPO ô; fa na dia tezitra tamiko aza Ianao dia afaka ihany ny fahatezeranao ka mampionona ahy Ianao.
2 Indro, Andriamanitra no famonjena ahy; hatoky aho fa tsy mba hatahotra. Satria NY TOMPO, NY TOMPO no tanjako sy heriko, fa efa famonjena ahy Izy.
3 Koa amin'ny fifaliana no hantsakanareo rano amin'ny loharanom-pamonjena.
4 Amin'izany andro izany dia hiteny ianareo hoe: Miderà NY TOMPO, miantsoa ny anarany, ampahafantaro any amin'ny firenena ny asany. Ampahatsiarovy fa efa misandratra ny anarany!
5 Mankalazà NY TOMPO, fa asa lehibe no nataony. Aoka ho fantatra any amin'ny tany rehetra izany!
6 Miantsoa mafy sy mihobia, ry mponina any Ziona ! Fa lehibe eo afovoanao ny Iray Masin'ny Israely!

## Esaïe 12 (S21)

1 Ce jour-là, tu diras: «Je te célèbre, Eternel, car tu as été irrité contre moi. Ta colère s'est détournée et tu m'as consolé.
2 Dieu est mon Sauveur. Je serai plein de confiance et je n'aurai plus peur, car l'Eternel, oui, *l'Eternel est ma force et le sujet de mes louanges. C'est lui qui m'a sauvé.»
3 Vous puiserez avec joie de l'eau aux sources du salut
4 et vous direz, ce jour-là: «Célébrez l'Eternel, faites appel à lui, faites connaître ses actes parmi les peuples, rappelez combien son nom est grand!
5 Chantez l'Eternel, car il a fait des choses magnifiques: qu'on les fasse connaître sur toute la terre!»
6 Pousse des cris de joie, exprime ton allégresse, habitante de Sion! En effet, il est grand au milieu de toi, le Saint d'Israël.

## Zefania 3 : 14 - 18 (MRV)

14 Mihobia, ry Ziona zanakavavy! Manaova feo fifaliana, ry Israely! Mifalia sy miravoravoa amin'ny fonao manontolo, ry Jerosalema zanakavavy!
15 NY TOMPO efa nampitsahatra ny fitsarana anao ka nandroaka ny fahavalonao. NY TOMPO, Mpanjakan'ny Israely, no ao aminao; tsy hahita loza intsony ianao.
16 Amin'izany andro izany dia holazaina amin'i Jerosalema hoe: Aza matahotra ry Ziona; eny, aza miraviravy tanana!
17 NY TOMPO Andriamanitrao no ao aminao, mpiady mahery Izy sady mpamonjy; hifaly sy hiravoravo noho ny aminao Izy; hangina amin'ny fitiavany Izy; hifaly amin'ny fihobiana noho ny aminao Izy.
18 Hangoniko izay manina ny andro firavoravoana, dia ireo izay lavitra anao ka itambesaran'ny latsa.

## Sophonie 3 : 14 - 18 (S21)

*14 Pousse des cris de joie, fille de Sion! Pousse des cris d'allégresse, Israël! Réjouis-toi et exulte de tout ton cœur, fille de Jérusalem!*
*15 L'Eternel a détourné de toi les jugements, il a éloigné ton ennemi. Le roi d'Israël, l'Eternel, est au milieu de toi: tu n'as plus à redouter le malheur.*
*16 Ce jour-là, on dira à Jérusalem: «N'aie pas peur, Sion, ne baisse pas les bras!*
*17 L'Eternel, ton Dieu, est au milieu de toi un héros qui sauve. Il fera de toi sa plus grande joie. Il gardera le silence dans son amour, puis il se réjouira à grands cris à ton sujet.»*

*18 Je rassemblerai ceux qui sont dans la tristesse, loin des fêtes solennelles, ceux qui sont loin de toi, sous le poids du déshonneur.*

**FILIPIANA 4 : 4 - 7 (MRV)**

4 Mifalia mandrakariva ao amin'ny Tompo; hoy indray aho: Mifalia!
5 Aoka ho fantatry ny olona rehetra ny fandeferanareo. Efa akaiky ny Tompo.
6 Aza manahy na amin'ny inona na amin'ny inona fa aoka ny fivavahana sy ny fifonana mbamin'ny fisaorana no hoentinareo manambara ny fangatahanareo amin'Andriamanitra amin'ny zavatra rehetra.
7 Ary ny fiadanan'Andriamanitra izay mihoatra noho ny fahalalana rehetra, hiaro ny fonareo sy ny hevitrareo ao amin'i Kristy Jesosy.

**PHILIPPIENS 4 : 4 - 7 (S21)**

*4 Réjouissez-vous toujours dans le Seigneur! Je le répète: réjouissez-vous!*
*5 Que votre douceur soit connue de tous les hommes. Le Seigneur est proche.*
*6 Ne vous inquiétez de rien, mais en toute chose faites connaître vos besoins à Dieu par des prières et des supplications, dans une attitude de reconnaissance.*
*7 Et la paix de Dieu, qui dépasse tout ce que l'on peut comprendre, gardera votre cœur et vos pensées en Jésus-Christ.*

**LIOKA 3 : 10 - 18 (MRV)**

10 Nanontany an'i Jaona ny vahoaka hoe: Inona ary no hataonay?
11 Namaly azy izy hoe: Izay manana akanjo roa dia aoka hanome ho an'ny tsy manana ary izay manan-kanina dia aoka hanao toy izany koa.
12 Dia avy koa ny mpamory hetra sasany mba hataony batisa ka niteny taminy hoe: Mpampianatra ô, inona no hataonay?
13 Hoy izy taminy: Aza mampandoa mihoatra noho izay notendrena halainareo.
14 Nisy miaramila koa nanontany azy hoe: Inona kosa no mba hataonay? Dia hoy izy taminy: Aza mampiasa hery amin'ny tsy antony na miampanga lainga, ary aoka ho afa-po amin'ny karamanareo ianareo.
15 Raha mbola niandry ny olona ka samy nieritreritra an'i Jaona tao am-pony, na izy no Kristy na tsia,
16 dia hoy i Jaona tamin'izy rehetra: Izaho dia manao batisa anareo amin'ny rano, fa avy Izay mahery noho izaho ka tsy mendrika hamaha ny fehin-kapany akory aza aho; Izy no hanao batisa anareo amin'ny Fanahy Masina sy ny afo;
17 eny an-tanany ny fikororohany hanadiovany tsara ny ao am-pamoloany ka hanangonany ny vary ho ao amin'ny sompiny; fa ny akofa sy ny mololo dia hodorany amin'ny afo tsy azo vonoina.
18 Fananarana maro hafa koa no notorìny tamin'ny olona.

**LUC 3 : 10 - 18 (S21)**

*10 La foule l'interrogeait: «Que devons-nous donc faire?»*
*11 Il leur répondit: «Que celui qui a deux chemises partage avec celui qui n'en a pas, et que celui qui a de quoi manger fasse de même.»*
*12 Des collecteurs d'impôts vinrent aussi pour se faire baptiser; ils lui dirent: «Maître, que devons-nous faire?»*
*13 Il leur répondit: «N'exigez rien de plus que ce qui vous a été ordonné.»*
*14 Des soldats aussi lui demandèrent: «Et nous, que devons-nous faire?» Il leur répondit: «Ne commettez ni extorsion ni tort envers personne et contentez-vous de votre solde.»*
*15 Le peuple était dans l'attente et tous se demandaient en eux-mêmes si Jean n'était pas le Messie.*
*16 Alors il leur dit: «Moi, je vous baptise d'eau; mais il vient, celui qui est plus puissant que moi, et je ne suis pas digne de détacher la courroie de ses sandales. Lui, il vous baptisera du Saint-Esprit et de feu.*
*17 Il a sa pelle à la main; il nettoiera son aire de battage et il amassera le blé dans son grenier, mais il brûlera la paille dans un feu qui ne s'éteint pas.»*
*18 C'est ainsi, avec encore beaucoup d'autres encouragements, que Jean annonçait la bonne nouvelle au peuple.*